

Rehefa tafatoetra tsara ao am-ponao izany fahamarinana izany, dia tian'Andriamanitra koa ianao hanaiky an'i Jesosy, ary hilaza izany amin'ny vavanao mba ho re. Izany no fomba fijerin'Andriamanitra, ka ilazany ao amin'ny Teniny hoe: « Raha manaiky an'i Jesosy ho Tompo amin'ny vavanao ianao ary mino amin'ny fonao fa Andriamanitra efa nanangana Azy tamin'ny maty, dia hovonjena ianao » (Romana 10. 9).

## TANDREMO

Tsy maintsy mino an'i Jesosy ianao anio, mba hateraka indray, satria « izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra » (Jaona 1. 12).

**AJANONY!** Izay rehetra mety hanakana anao tsy hanatona Azy, toy ny fianakavianao, ny fijerin'ny hafa, ny tsy fanananao fotoana noho ny hamafin'ny asanao, ny fahaizanao noho ny fianarana ambony norantovinao, na koa ny tsy firaikanao fotsiny izao, satria mihevitra ianao fa tsy mila an'Andriamanitra.

**TANDREMO!** Satria ny harenanao tsy tokony hanakana anao tsy hino an'i Jesosy. Jesosy nahalala fa ny harena dia mety hanjary sakana amin'ny famonjena ny fanahy. Izany no nilazany hoe: « Lazaiko aminareo marina tokoa fa sarotra ny hidiran'ny manankarena amin'ny fanjakan'ny lanitra » (Matio 19. 23).

**TANDREMO!** « Fa inona no soa azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao aza, kanefa very ny ainy? » (Marka 8. 36).

**AOA IZAY!** Mijanona ankehitriny, ka raiso Jesosy Kristy ho Mpamonjy sy Tomponao manokana.

**AOA IZAY!** Henoy izay lazain'Andriamanitra amin'ny olona rehetra:

« Mihainoa dia mihainoa Ahy... Atongilano ny sofinareo, ka mankanesa aty amiko, mihainoa, dia ho velombelona ny fanahinareo; ary hanao fanekena mandrakizay aminareo Aho » (Isaia 55. 2-3).

**Ianao izay tsy manam-piadanana  
Avia, fa omen'i Jesosy izany ;  
Ny hatsaram-pony, ny fitiavany  
Dia tsy mba manosi-bohon-tanana an'iza na iza.  
Raha fenon'i Jesosy ny fo iray  
Dia safononoky ny hasambarana,  
Ary tsy mahakasika azy intsony ny horohoro :  
Voninahitra, voninahitra ho an'i Jesosy.**

**Bibliothèque chrétienne Madagascar**  
email : bibliothequechretienne@gmail.com  
Antananarivo – Tél. : 033 15 552 35  
Librairie Ny Mpamafy – Tél. : 034 14 552 35

Antsirabe – Tél. : 033 16 552 35  
Tôlagnaro – Tél. : 033 21 236 44  
Toamasina – Tél. : 033 06 655 30



Photo : © Getty Images



**E**fa nanaiky an'i Jesosy Kristy ho Mpamonjy sy Tomponao ve ianao ?

Ny hoavy mandrakizain'ny fanahinao dia miankina amin'ny valin'io fanontaniana io.

Omen'Andriamanitra anao malalaka sy maimaim-poana ny famotsoran-keloka.

#### Tian'Andriamanitra hovonjena ianao

« *Andriamanitra, Mpamonjy antsika... tia ny olona rehetra (ianaosy koa) hovonjena ka ho tonga amin'ny fahalalana ny marina* » (1 Timoty 2. 4).

#### Ny fepetra amin'ny famonjena

Ny Tompo Jesosy no mamaritra ny fepetra amin'ny famonjena, tamin'ny nanambarany hoe: « *Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa: Izay mandre ny teniko ka mino Izay naniraka Ahy no manana fiainana mandrakizay, ka tsy hohelohina; fa tafafindra niala tamin'ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izy* » (Jaona 5. 24).

#### Tsy misy olona atosy-bohon-tàna

Jaona, izay mpianatr'i Jesosy, dia mampahatsiaro ao amin'ny filazantsara nosoratany (toko 3, andininy 16) fa tsy misy fameperana atao na amin'iza na amin'iza: « Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanany Lahitokana mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay ».

### Tia anao Andriamanitra ary nomeny i Jesosy hisolo toerana anao

Omen'Andriamanitra ny tsirairay – ary ho anao manokana – ny fomba mahagaga hialana amin'ny hamafin'ny fitsarana mendrika ny olona rehetra. Jesosy Kristy izany lalana izany. Izy, llay tsy nanana ota, no nanjary nisolo toerana antsika; izany hoe Izy no niaritra ny famaizana mendrika antsika, naka ny toerantsika – naka ny toeranao. Izany no antony ilazana fa: « (Jesosy) *Izay tsy nahalala ota dia efa nataony (nataon'Andriamanitra) ota hamonjy antsika, mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao aminy kosa isika* » (2 Korintiana 5. 21).

### Ny tokony hataonao tsy misy hataka andro intsony

– **Aoka ianao hiaiky** eo anatrehan'Andriamanitra ny toetra maha mpanota anao sy ny tsy fahafahanao mamonjy ny tenanao, satria amin'Andriamanitra dia « samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra » (Romana 3. 23); satria eo imasony dia « tsy misy marina na dia iray akory aza » (Romana 3. 10).

– **Mitodiha amin'Andriamanitra** ka ekeo ilay lalan-tokana omeny ny olombelona mba ho voavonjy, dia Jesosy Zanany, araka ny voasoratra hoe: « izay rehetra mino... [dia] hamarinina maimaim-poana amin'ny fahasavany... ».

noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy, Izay nasehon'Andriamanitra tamin'ny rany ho fanavotana amin'ny finoana » (Romana 3. 22-25).

Midika izany fa efa nomanin'Andriamanitra ny zavatra rehetra hamonjena ny fanahinao, satria izay rehetra tsy miaiky fa nanota ary mandà tsy hitodika amin'Andriamanitra dia hankany amin'ny helo, ho mandrakizay.

Koa ny hiaro anao tsy ho any amin'ny helo mandrakizay, lavitra an'Andriamanitra, no nanomezany ny Zanany ho faty haka ny toeranao, tamin'ny nitondrany tamin'ny tenany ireo fahotanao rehetra. Tamin'ny nahafatesany nohombona teo amin'ny hazofijaliana Jesosy dia namonjy anao tamin'ny helo ary nividy anao mba ho an'Andriamanitra, satria nefainy ny trosanao, izany hoe ireo fahotana rehetra nataonao.

**Koa aoka ianao hiaiky ireo fahotanao amin'Andriamanitra**, amin'ny fanambarana Aminy mazava, tsy misy henatra, hoe iza marina moa ianao eo anatrehany. Lazao Azy fa mpanota very ianao, manao fahotana (izay azonao tanisaina koa aza) mendrika ny fitsaran'Andriamanitra sy ny fanamelohana ho mandrakizay.

**Ekeo ao am-ponao Jesosy**, satria Izy, amin'ny rany, no manadio tanteraka anao ho afaka amin'ny fahotanao rehetra eo imason'Andriamanitra.

